“Eny tokoa fa Allah Ilay Tsitoha mamelatra ny tànany amin’ny alina mba hamela heloka ny mpanota amin’ny atoandro, ary mamelatra ny tànany amin’ny atoandro mba hamela heloka ny mpanota amin’ny alina, mandra-piposahan’ny masoandro avy any andrefana”

Tatitra azo avy amin'i Abo Mossa Al-Ashari (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Eny tokoa fa Allah Ilay Tsitoha mamelatra ny tànany amin’ny alina mba hamela heloka ny mpanota amin’ny atoandro, ary mamelatra ny tànany amin’ny atoandro mba hamela heloka ny mpanota amin’ny alina, mandra-piposahan’ny masoandro avy any andrefana”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah Ilay Tsitoha dia manaiky ny fibebahana avy amin'ny mpanompony. Raha manota amin’ny antoandro ny mpanompo ka mibebaka amin’ny alina, dia hanaiky ny fibebahany i Allah, ary raha manao fahotana amin’ny alina izy ka mibebaka amin’ny antoandro, dia hanaiky ny fibebahany ihany koa i Allah. Ary Allah Ilay Tsitoha mamelatra ny tànany ho amin’ny fibebahana, noho ny fifaliany amin’izany, sy fankasitrahany azy ary misokatra hatrany ny varavaran’ny fibebahana mandra-piposahan’ny masoandro avy any andrefana, izay manambara ny fiafaran’izao tontolo izao, Rehefa miposaka avy any andrefana izy, dia mihidy ny varavaran’ny fibebahana.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4318